

DEREK PRINCE
MINISTRIES INTERNATIONAL

Fivoriana fampaherezam-panahy

Mamita ny Asany

Ny vatako dia tempolin'ny Fanahy Masina, voavotra, voadio, ary nohamasinin'ny ran'i Jesosy.



Manambara ny Tenin'Andriamanitra Dries Du Plessis Dries Du Plessis

Indro misy soso-kevitra vitsivitsy mikasika ny fomba hitondrana ny tenanao ho tempolin'ny Fanahy Masina.

Voalohany indrindra, hajao ny tenanao fa tempolin'ny Fanahy Masina, izay hajaintsika. Hitako fa kely dia kely, ny fanajana ny tena eo amin’ireo Kristiana ankehitriny.

Faharoa, mitadiava ny fanampian'ny Fanahy Masina amin'ny fambolena fifehezan-tena.

Fahatelo, makà fotoana ary miezaha hanavaka ny manampy sy ny manimba.

Fahefatra, mivonòna hijoro lalim-paka satria ny fiainanao dia tandindomin-doza.

Fahadimy, mitady ny hiara-hiasa amin’ny Fanahy Masina.

Misy dingana maro hafa tokony anampiako amin'ity lisitra ity, saingy azoko tamin'ny niainako ireo. Nomen'ny Tompo fanamby aho mba handinika raha toa aho ka nanana fiainana feno fanaranam-po. Nasain’ny Tompo nandinika ireto fanontaniana ireto aho: Te hanohy ny fiainana ve aho? Te hamita ny asa nanendrena ahy ve aho? Hoy Jesosy tamin’ny Mpianany:

> "Ny haniko dia ny manao ny sitrapon'Izay naniraka Ahy sy ny mahavita ny asany. " (Jaona 4:34)

Izany no sakafo tsara indrindra: ny manao ny sitrapon'Izay naniraka antsika —- sy ny mahavita ny Asany. Na dia efa nanompo ny Tompo maherin’ny dimampolo taona aza, dia nino aho fa nisy asa sasany nankinin’Andriamanitra tamiko izay mbola tsy notanterahiko. Tsy azoko antoka mihitsy fa ho tanterakako izy ireo. Nikarakara ny tenako foana aho, tamin’ny fahafantarako ny maha-zava-dehibe ny fihazonana ny tenako ho toe-batana tsara mba tsy ho tapaka ny fiainako alohan’ny hahavitako ny asan’Andriamanitra.

Misaotra Anao, Tompo ô , noho ny amin’ny ran’i Jesosy sy ny asan’ny Fanahinao Masina. Manambara aho fa hiara-miasa amin’ny Fanahy Masina, hihazona ny tenako amin’ny toe-batana tsara mba hamitana ny Asany. Tempolin’ny Fanahy Masina ny tenako, navotana, nodiovina, ary

© 2008 - Dries Du Plessis

nohamasinina tamin’ny ran’i Jesosy, amin’ny anaran’i Jesosy Kristy, Amena.

Fivoriana fampaherezam-panahy ★

Fandikana: WD-B097-063-MLG
Nohavaozina farany: 05 Oct 2026
Tranokala: Derekprince.com/mg/resources

